Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Aprily 2013

I. Teny mahavelona

Akaiky ny fanjakan'Andriamanitra, avia hitsena Azy…

Evanjelin'i Md Marka 1,12-15.

Dia nentin'ny Fanahy ho any an'efitra niaraka tamin'izay izy, ka nitoetra tany efa-polo andro dia nalain'i Satana fanahy sy niara-nitoetra tamin'ny bibidia, ary ny anjely nanompo azy.
Ary rahefa natao an-tranomaizina Joany, dia nankany Galilea Jesoa nitory ny Evanjelin'ny fanjakan'Andriamanitra ka nanao hoe: « Tonga ny fotoana, ary efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra; mibebaha hianareo ary minoa ny Evanjely.

Fandinihana

✰ "**Ianao no zanako malalako, aminao no ametrahako ny fitiavako**". Anisany mamaritra ny maha-Mesia an'I Jesoa io an-dalan-tsoratra Masina io.
✰ "**Notarihin'ny Fanahy ho any an'efitra Izy**". Taorian'ny batemin'I Jesoa dia notarihin'ny fanahy ho any an'efitra Izy mba hiara-hiana amin'ny biby any an-tsaha (bêtes sauvages) sy ireo anjely. Sarinteny ihany izany, anehoana fa tena izany mihitsy ny tena ho fiainanany aty aoriana dia ny fifangaroan'ny fahavalo sy ny namana izay nanjohy sy nandravaka ny lalany manokana teny am-pitoriana ny Vaovao Mahafaly. Ny efitra dia midika hoe "ny zava-mitranga isan'andro sy ny ady atrehantsika ka mitaky avy amintsika mba hifidy ny Ray sy ny asa nanirahany antsika; izay nankininy tamintsika.
✰ "**Torio ny Vaovao Mahafalin'Andriamanitra**" Indro I Jesoa manambara ny antony maha-eo anivontsika Azy. Izy ilay Irak'Andriamanitra; hilaza ny Vaovao Mahafaly. Mba hahatanteraka izany dia nandeha niroso hatramin'ny farany izy, nafoiny ny ainy.
✰ "**Mibebaha ianareo ary minoa ny Vaovao Mahafaly**". Tonga ny fotoana ho an'ny Jody. Niandry ny Mesia ny vahoaka ka ny fibebahana no antso iray natao hanavaozana ny fo mba ho vonona handray izany Mesia izany. Ny hoe mibebaka dia fanasana iray hanovana fomba fijery ary handraisana fahaiza-manao manoloana ny vanim-potoana sy ny olona iray. Antso iray mazava hanovana fomba fiainana… Noho izan, misy zavatra tsy maintsy ovana sy ianarana mba hanomezana toerana Azy (ny Mesia).

Fotoana fandinihanao mangina...

1. Mitadiava fotoana, hitokanana any an'efitra isan-kerinandro ; fotoana hanaovana fandinihana manonkana sady lalina.
2. Inona no tsapanao ka andrasan'I Jesoa aminao?
3. Inona no tokony hovainao mba hifanaraka amin'ny Evanjely ny fiainanao?

II. Vatsy

FANENTANANA APÔSTOLIKA
VOKATRY NY SYNODY
“AFRICAE MUNUS”

II. Miara-miaina

A. Ny fianakaviana

42. Ny fianakaviana no «toerana masina mitahiry ny aina» ary singa fototra iankinan'ny ain'ny fiaraha-monina sy ny Fiangonana. Ao aminy no «amolavolana voalohany indrindra izay ho endriky ny firenena iray; ao ny mpiray ankohonana no mandray ny fahalalana fototra; ao no ianarany mitia, amin'ny fahatsapany fa fitiavana tsy misy takalony no itiavana azy; ao no ianarany manaja ny olona hafa rehetra, amin'ny fahatsapany fa hajaina izy; ao no ianarany mahafantatra ny endrik'Andriamanitra amin'ny fahitany voalohany ray sy reny feno fiahiana azy. Isaka ny misy banga ireny zavatra tokony ho tsapa eo amin'ny fiainana ireny, dia ny fiaraha-monina manontolo no iharan'ny herisetra, ary izy indray avy eo no miteraka herisetra maro».

43. Ny fianakaviana no sehatra sahaza hianarana ary hampiharana ny kolontsaina mandrisika hamela hadisoana, handala fiadanana ary hamitrana fihavanana. «Raha masina ny fiainam-pianakaviana, dia ao no iainana ny sasantsasany amin'ireo singa fototry ny fiadanana: ny rariny, ny fifankatiavan'ny mpiray tampo, ny fanehoam-pahefana taratra eo amin'ny ray aman-dreny, ny fihetsika feno fitiavana enti-manampy an'ireo olona osa indrindra ao anatin'ny fianakaviana, satria mbola kely, na marary na efa antitra, ny fifanampiana eo anatrehan'ny adim-piainana, ny fahavononana handray ny hafa ary, raha ilaina, dia hamela ny hadisoany. Izany no ilazana fa ny fianakaviana no mpanabe voalohany ary tsy hay soloana, mampianatra ny olona handala fiadanana». Ka noho ny maha zava-dehibe loatra an'io rafitra io, ary noho ny loza mananontanona azy dia tokony hotandrovina sy harovana ny fianakaviana, - eo ny hevitra mifanolana momba ny fanambadiana sy ny fianakaviana, eo ny fitondrana vohoka mihavery lanja, ny fanalan-jaza zary zava-tsy manaitra, ny fanamorana ny fisaraham-panambadiana, ny fihanaky ny «toetsaina vaovao» manindrahindra ny hoe tsy misy fitsipika môraly hentitra —; koa izany fiarovana sy fitandrovana ny fianakaviana izany no atao, dia mba hahafahany manatontosa eo anivon'ny fiaraha-monina ny asa andrasana aminy: tsy inona fa ny hanome lehilahy sy vehivavy afaka mampijoro fiaraha-monina anjakan'ny fiadanana sy ny filaminana.

44. Koa mampirisika fatratra ny fianakaviana aho haka hevitra ary hanovo hery ao amin'ny Sakramentan'ny Eokaristia, hahafahany miaina ny zavabaovao tanteraka entin'i Kristy eo anivon'ny tontolom-piainana iombonana, ka mahatonga ny tsirairay ho vavolombelona mamiratra eo amin'ny sehatry ny asa sahaniny ary eo amin'ny fiaraha-monina manontolo. «Ny fifankatiavan'ny mpivady, ny fandraisana ny aina, ny andraikitra amin'ny fanabeazana, dia hita fa sehatra manokana ahafahan'ny Eokaristia maneho ny heriny hanova ny fiainana, sy hahatonga lafatra azy araka ny tokony ho izy». Miharihary fa ny fandraisana anjara amin'ny Eokaristia isan'alahady dia takin'ny kosiansy maha kristianina, sady mamolavola azy rahateo koa.

45. Etsy an-daniny, ny fametrahana ny vavaka amin'ny toerana tena sahaza azy ao amin'ny fiainam-pianakaviana, na vavaky ny tsirairay io na vavaka iarahana, dia midika fa hajaina ilay fonjan-kevitra fototra eo amin'ny fomba fahitan'ny kristianina ny fiainana: dia ny maha vaindohany ny fahasoavana. Mampahatsiaro antsika lalandava ny vavaka fa i Kristy no vaindohany, ary mifandray aminy, ny maha vaindohany ny fiainana anaty sy ny toe-pahamasinana. Ny tafasiry ifanaovana amin'Andriamanitra nomanokatra ny fo hitobahan'ny fahasoavana, ary hahafahan'ny Tenin'i Kristy maninteraka antsika amin'ny heriny manontolo! Mba hahatongavana amin’izany, dia ilaina, eo anivon’ny fianakaviana, ny fitozoana mihaino ny Tenin’Andriamanitra sy ny fifantohana mamaky azy.

FANDINIHANA

1. Pour quoi les Evêques retiennent comme très importante la « famille » dans le document Africae Munus?(*Fa nahona ny Eveka no manindraindra fa zava-dehibe ny fianakaviana ao anatin’ny document Africae Munus?)*
2. Comment pourrais la famille aider à construire la justice et la paix ?*(Ahoana no atao mba hahafahan’ny fianakaviana miady amin’ny rariny sy ny hitsiny ?)*
3. Quel aspect de cette document a attiré ton attention *?(Aiza ao anatin’ny document no manitona anao bebekokoa ?)*

III. *Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco*

Hitantsika tamin'ny "formation" nalefa tamin'ny farany fa misy roa, araka ny voalazan'i don Bosco ny loharano niavian'ny fanabeazan'i don Bosco (2 evenements fondateurs)

Voalohany dia ny nofin'ny don Bosco faha 9 taona ary ny faharoa dia ny fihaonanay tamin'ireo tanora tany ampigadrana.

Tsara ho fantatsika indray ary ny fomba nataon'i don Bosco rehefa manantona tanora. Misy fomba roa ny fanantonana ny tanora na ny ankizy (style d'approche) :

Fanantonana azy ireo tsirairay (approche personnelle) sy fanentanana ny rehetra amin'ny ankapobeny (Approche globale).

Ny fanantonana ny tanora tsirairay. (approche personnelle)

Tena malaza i don Bosco amin'ny fambaboana ny fon'ny tanora. Izay miresaka aminy dia babony ny fony. Firifiry ny tanoran'i don Bosco no miady hoe: "Izaho no tena tian'i don Bosco ...." satria hainy ny fomba hitondrana ny fon'ireo tanora ireo any amin'i Jesoa.

Santionany hampisehona ny fahaizan'i don Bosco mandray tanora ny fifandraisana voalohany nataony tamin'i Barthèlemy Garelli (Jereo "formation" Salohy volana Janoary). Hita amin'ity fihaonana ity fa misy dingana 4 ny firesahana amin'ny tanora:

- ✓ Ny fitiavana misy ao anatin'ny mpanabe izay te-hamonjy na hanampy mandrakariva ny tanora; vokatr'io fitiavana io dia ny mpanabe no tonga manantona.
- ✓ Liana amin'ny tontolon'izy ireo; manontany miresaka sns.
- ✓ Avela ireo tanora ireo hilaza ny olana misy ao aminy sy ny nofinofiny...
- ✓ Miara-mandinika ny harena misy ao amin'ny tanora ary io harena misy ao aminy io no fantarina moramora ka hampiana izy handalina sy hampitombo azy ary mizara azy miaraka amin'ny namany.

Aza hadino anefa fa izany resadresaka izany tsy maintsy miaraka mandrakariva amin'ny hafaliana.

Fanentanana faobe(Approche globale).

Ilaina ity fanentanana faobe ity amin'ny tontolo fanabeazana salezianina. Antsoina ireo tanora ireo amin'ny alalan'ny fanolorana azy ny "ambiance" na tontolo malalaka sy ampy ary mahafa-po azy. Tsy mijanona fotsiny amin'ny fiantsoana fa tsy maintsy manolotra zavatra ho azy (activités) dia ny sport, fitsangatsanganana, mampianatra,

championnat, fety, recollection... Fanabeazana amin'ny ankabobeny no atao amin'izany. Fanabeazana izay mifantoka amin'ny soa toavin'ny Vaovao Mahafaly. Ilain'ny tanora ny miaraka amin'ny namanay. Ary mametraka "souvenir" tsy hay kosehina ao ampon'ny tanora ireo "activités" ireo raha mifanaraka tsara amin'ny Vaovao Mahafaly ny fanatanterahana azy. Io fanentanana faobe io no dingana voalohany nataon'ny don Bosco nisintonana ny tanora. Nanolotra zavatra maro izy ho an'ny tanora , niaraka mandrakariva tamin'izy ireo teny ampanatanterahana ny kilalao. Saingy i don Bosco tsy tavela teo anivon'ny tanora marobe teo dia afa-po. Mandringa ny fanabeazana raha izay fotsiny fa tsy maintsy miditra sy miresaka amin'ny tsirairay indrindra ireo izany fadiranovana sy mila fanampiana.

Mifanampy ireto dingana roa ireo raha tiana ho tanteraka ny fanabeazana matotra sy mandaitra dia ny fanentanana amin'ny ankapobeny sy ny fanantonana ny tsirairay

Fandinihana:

Jereo ny tontolo salezianina misy anao.

(*Dingana roa no ataontsika rehefa manabe:*

Dingana voalohany: fanentanana faobe

Dingana faha roa : ny fanantonana ny tanora manokana.)

1-*Marina ve fa matetika isika tavela amin'ny dingana voalohany? Satria nahoana?*

2-Inona no mahasarotra na sakana tsy ahafahana manatanteraka ny dingana faharoa?